

17 Aprily

LUCIEN BOTOVASOA OLONTSAMBATRA

MARTIRY

Fankalazana

Teraka tao Vohipeno (faritra Vatovavy Fitovinany) tamin'ny taona 1908 i Lucien Botovasoa. Vita batemy tamin'ny 1922 izy ary lasa mpampianatry ny sekoly katolika tao. Nanam-bady aman-janaka izy ary mpanolo-tsainan'ny tanàna. Mpitaiza tian'ny tanora erý, tia hira sy mozika izy, sady olona falifaly lalandava. Nanorina ny Fikambanana Tersieran'i Md François tao Vohipeno izy ary lasa mpivavaka andro aman'alina fa te ho olomasina sy maritiry aza. Naleony hovonoina tamin'ny 1947 toy izay hanaiky hiara-miasa amin'ny mpamono sy mpanenjika eglizy, ary nanolo-tena ho fanavotana ny rahalahiny sy ny tanindrazana izy. Notapahin-doha teo amoron'ny Matitanana i Lucien Botovasoa tamin'ny 17 avrily 1947, ary ninoan'ny mponina teo no eo fa olomarina maritiry mpiahy ny tanindrazany tokoa izy.

TONONKIRA FIDIRANA

Avia ianareo, ry nohasoavin'ny Raiko,
handova ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay
nahariana an'izao tontolo izao. Aleloia.

(Mt 25, 34)

VAVAKA FIDIRANA

Ry Andriamanitra Rain'ny Razanay ô,
Nantsoinao i Lucien Botovasoa, Olontsabatra, Tersiera, Mpanabe
Nandrotsaka ny rany teo ampivavahana ireo mpamono azy ary nifikitra tsy nety nilefitra niaro
ny marina,
Ampio koa izahay mba ho vonona mandrakariva
hanolotra sy hahafoy ny ainay miaraka amin'i Kristy Nitsanganko velona mba hahamonjy ny
be sy ny maro.
Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Zanakao Tomponay
Andriamanitra velona sy manjaka miaraka Aminao sy amin'ny Fanahy Masina Anakehetriny
ary amin'ny taona mandrakizay.

VAVAKA FANOLORANA

Tompo ô,
mahatsiaro ny hasarobidin'ny fahafatesana nihatra tamin'ireo
Olomasinao izahay, ka manolotra ilay sorona nanovozany ny herim-po nijoroany ho Martiry.
Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay. Amena.

KÔMONIO

Zavatra iray loha no angatahiko amin'ny Tompo, sady iriko fatratra:
dia te honina ao an-tranon'ny Tompo aho amin'ny andro rehetra iainako,
mba hifaly amin'ny toetra maha te ho tian'ny Tompo,
sy hibanjina ny fitoerany masina.

Ps 27 (26), 4

VAVAKA AORIAN'NY KÔMONIO

Tompo ô,
nandray ny fanomezanao avy any an-danitra izahay
ka faly mankalaza ny andro anio; koa mihanta aminao:
enga anie izahay manambara ny nahafatesan'ny Zanakao
amin'izao fanasana masina izao mba hiombona anjara aminy
nitsangan-ko velona sy be voninahitra miaraka amin'ireo Martiry masina.
Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay. Amena.

VAKITENY VOALOHANY

Ny finoantsika no entina handresena an'izao tontolo izao
Taratasy voalohan'i Masindahy Joany Apostôly (5/4-10)

Ry malala: izay naterak'Andriamanitra dia mandresy an'izao tontolo izao, ary ny fandresena izay naharesy an'izao tontolo izao dia ny finoantsika. Iza àry no maharesy an'izao tontolo izao, afa-tsy izay mino fa Jesoa no Zanak'Andriamanitra? Dia izy no ilay avy tamin'ny rano sy ny ra; tsy tamin'ny rano ihany, fa tamin'ny rano sy ny ra; ary ny Fanahy no manambara, satria ny Fanahy no fahamarinana. Fa misy telo no manambara [any an-danitra, dia ny Ray sy ny Teny sy ny Fanahy Masina; ary izy telo ireo dia mifanaraka. Misy telo koa no manambara ety an-tany], dia ny Fanahy sy ny rano sy ny ra; ary mifanaraka tsara izy telo ireo. Raha ny fanambaran'ny olona aza raisintsika, mainka fa ny fanambaran'Andriamanitra izay lehibe lavitra; ary ny fanambaran'Andriamanitra, dia ny nanambarany ny Zanany indrindra. Koa izay mino ny Zanak'Andriamanitra dia manana izany fanambarana izany ao anatiny.

SALAMO

Avy amin'ny Salamo 30 (31)

Fiv/. Tompo ô, apetrako eo an-tananao ny aiko

Metia, ry Vatolampy fierena!
Vonjeo aho, ry Trano fiarovana!
Ianao no haram-bato sy toera-mafy ho ahy,
ny Anaranao itarihana sy itantanana ahy!

Fiv/.

Apetrako eo an-tananao ny aiko,
avoty aho ry Tompo Andriamanitra!
Ianao kosa no ifefeko!
Mibitaka sy ravo aho.

Fiv/.

Asehoy ny mpanomponao ny tavanao!
Vonjeo aho noho ny hatsaram-ponao!
Ny fieren'ny tavanao no anafenanao azy,
Lavitra ny tetika ataon'ny olona.

Fiv/.

FIHOBIANA NY EVANJELY

Jn 17,17

Fiv. /Aleloia. Aleloia

Ny teninao, ry Tompo, no fahamarinana;
hamasino amin'ny fahamarinana izahay.

R. /Aleloia

EVANJELY

Ankamasino amin'ny fahamarinana izy ireo. Ny teninao no fahamarinana

✠ Evanjelin'i Jesoa Kristy nosoratan'i Masindahy Joany

Jn 17, 11-19

Tamin'izany andro izany dia niandrandra ny lanitra i Jesoa ka nivavaka hoe:

«Ray masina ô! Tahirizo amin'ny anaranao izay nomenao ahy, mba ho iray tahaka antsika izy. Raha mbola teo amin'izy ireo aho dia nitahiry azy tamin'ny anaranao. Eny, nitahiry izay nomenao ahy aho, ka tsy nisy very izy na dia iray aza, afa-tsy ilay zanaky ny fahaverezana, mba ho tanteraka ny Soratra Masina.

Ankehitriny mankany aminao aho, ka manao izany fangatahana izany dieny mbola amin'izao tontolo izao, mba hananan'izy ireo ny fifaliako tanteraka ao aminy. Nomeko azy ny teninao, ka halan'izao tontolo izao izy ireo, satria tahaka ny tsy maha-olon'izao tontolo izao ahy no tsy maha-olon'izao tontolo izao azy koa. Tsy ny hanesoranao azy amin'izao tontolo izao no angatahiko, fa ny hiarovanao azy amin'ny Ratsy.

Tahaka ny tsy maha-olon'izao tontolo izao ahy no tsy maha-olon'izao tontolo izao azy ireo koa. Ankamasino amin'ny fahamarinana izy ireo. Ny teninao no fahamarinana. Tahaka ny nanirahanao ahy ho ao amin'izao tontolo izao no nanirahako azy ho ao amin'izao tontolo izao koa. Manamasina ny tenako ho azy ireo aho, mba hohamasinina amin'ny fahamarinana koa izy».